WIKIPEDIA

Tantara

Ny **Tantara** dia fandinihana ny zava-mitranga, ny zava-bita ary ny zavatra mikasika azy. Ny tantara dia zavatra tantaraina, izy io dia fitaratry ny zava-mitranga efa lasa, ary ny olona mandinika sy mitantara io zavatra io dia lazaina hoe mpahay tantarata.

Fifironan-teny

Avy amin'ny fiteny sanskrity तन्त्र / *tantra* ny teny malagasy hoe *tantara*.

Ny tanjon'ny tantara

Ny tantarata dia manandrana mamisavisa, manazava na mamerina ny zava-nitranga tamin'ny fotoana taloha. Na inona na inona ny fotoana, na inona na inona ny zana-tanjon'ny tantarata, ny Tantara dia "zavatra foronin'ny olona", soratana anatin'ny fotoana isiany. Araka ny lasain'ny tantarata Antoine Prost : « L’histoire c’est ce que font les historiens » ("Ny tantara dia ataon'ny tantarata ").

Ny tantara dia karazana filaza, tsy mifototra amin'ny famoronan-javatra, fa mifototra amin'ny loharano. Mifatotra amin'ny loharano izy mba hamerina ny singan'ny efa lasa.

Ny tantara, tsy hoe fitaratry ny efa lasa, dia mifototra ara-pomba. Nivoatra izy tamin'ny fandrosoan'ny taona, fivoarana tenenina hoe tantaram-panoratana ny tantara na *historiographie* amin'ny teny frantsay. Ny fomba ara-tantara dia mifototra eo amin'ny vondrona siansa manatrika azy ary manampy ny tantarata hanoratra ny tantarany.

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Tantara&oldid=990693"

Voaova farany tamin'ny 8 Mey 2020 amin'ny 13:49 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.